



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Terindrazana - Fandriana



ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-156EX

Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ireto volavolan-dalàna ireto:

- laharana faha-013/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 « autorisant la ratification de l'accord de Prêt relatif au Financement de la phase 2 du Projet d'Amélioration de l'Accès Energétique et d'Infrastructures Routières dans les Pôles Intégrés de Croissance (PIC2-Energie), conclu le 04 Mars 2021 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International (OFID) »,
- laharana faha-014/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au Financement du Projet de Transformation Economique pour la croissance (PIC3), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'IDA »

Fivoriana faha-4
Natao ny
Alakamisy 12 Aogositra 2021
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

FOTOANA: Alakamisy 12 Aogositra 2021, tamin'ny 10 ora sy 15 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika:

- ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «autorisant la ratification de l'accord de Prêt relatif au Financement de la phase 2 du Projet d'Amélioration de l'Accès Energétique et d'Infrastructures Routières dans les Pôles Intégrés de Croissance (PIC2-Energie), conclu le 04 Mars 2021 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International (OFID)» sy
- ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au Financement du Projet de Transformation Economique pour la croissance(PIC3), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Nitohy ny Alakamisy 12 Aogositra 2021 tamin'ny 10 ora sy 15 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, nanambara fa ny fanamarinana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka dia angatahina homen'ny Tale misahana ny Informatika eto amin'ny Antenimierampirenena amin'ny fotoana mahamety azy. Nambarany koa fa mandeha mivantana amin'ny «facebook» izao fivoriana izao.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza eo ambony, Ramatoa Filoha.

Nomarihany fa efa nolanian'ny Antenimierandoholona ny Talata 10 Aogositra 2021 lasa teo ireto volavolan-dalàna roa hodinihana sy handraisana fanapahan-kevitra ireto.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana mba hamakiany ny Tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee no nanatanteraka izany, ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-11 Aogositra 2021 tamin'ny 9 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de la phase 2 du Projet d'Amélioration de l'Accès Energétique et d'Infrastructures routières dans les Pôles Intégrés de Croissance (PIC2-Energie), conclu le 04 mars 2021 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le développement International (OFID)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 3- FIENENA Richard Désiré
- 4- MOHAMAD Ahmad
- 5- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 6- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 7- RIVOTIANA Jean Bosco
- 8- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 9- RAVONTY Tam Teon Luc Urbain

Ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana tonga nivory;

- ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy

Ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano tonga nivory;

Andriamatoa isany:

- 1- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 2- FIAROVANA Lovanirina Célestin
- 3- FIENENA Richard Désiré

Ireo tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- 2- RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
- 3- ZAFINANDRO Perle Bien-Aimée
- 4- ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 5- MBELO Ndriamanamby Jean Germain Odon
- 6- INDRIANDRO Julien
- 7- NAKANY Charly Zafimagnely
- 8- RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
- 9- RASOLOMANANA Beby
- 10- RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
- 11- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- 12- SAID Zakaniaina Mahafaly Joseph
- 13- TSITARA Rogers Ousman
- 14- EDIZARD

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|----------------------------------|-----------------------|
| - RANJALAHY Ihaja | DG Trésor |
| - RATSIVAHANA Dorette | DGT |
| - RAKOTONINDRAINY Zoely Narindra | GDT/DDP/SASD |
| - RAKOTOANDRIANTSILAVO Eric | Coordo. PIC |
| - RANDRIAMBOAVONJY Mamy | Resp. Gouvernance PIC |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nanome fitenenana ny teknisiana mba hanazava ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Teo ampanombohana dia naneho fialan-tsiny avy amin'ny an'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Sekretera Jeneralin'izany Minisitery izany Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana, noho ny andraikitra samihafa mahatana azy ireo any amin'ny Antenimierandoholona sy ny atrikasa izay tsy maintsy hatrehiny.

Taorian'izany dia nambarany fa ity Tetikasa PIC2 ity dia anisan'ny tetikasa napetraky ny Governemanta hanetsehana ireo toerana manana fahafahana hivoatra ka tokony hampiana bebe kokoa. Efa nisy ny PIC1 sy ny PIC2 ary mbola hisy ny PIC3 izay hoentina hampandrosoana ireo faritra mila izany. Nomena lanja tamin'ny PIC1 ny fotodrafitrasa any amin'ireo toerana manan-danja eo amin'ny fizahantany, toa an'i Nosy Be. Ny PIC2 kosa hanaovana famatsiana herin'aratra ireo toerana ireo. Ny PIC3 dia haompana amin'ny fanaovana "digitalisation", ny fampiasana ny teknolojia vaovao, ny "agribusiness" ary ny fizahantany.

Ity PIC2 ity dia iarahan'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny OFID mamatsy. Efa nentina teto amin'ny Antenimierampirenena tamin'ny fotoam-pivoriana farany teo ny famatsiam-bola avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena fa ity fifanarahana ity kosa dia vatsian'ny OFID.

Tafiditra ao anatin'ny "Plan d'Emergence de Madagascar" ity tetikasa ity ho an'ireo faritra manana fahafahana hivoatra.

Mitentina 15 tapitrisa dolara USD na 56 548 500 000 Ariary ity fampindramam-bola ity. Ny tanjona hotratrarina dia ny famatsiana amin'ny herin'aratra ny Faritra Diana, ny Faritra Atsimo Andrefana ary ny fanamboaran-dalana any Sainte Marie.

Haverina ao anatin'ny 20 taona ny vola indramina, ka ny 5 taona voalohany dia tsy andoavana renivola, ny zanabola dia 1% isan-taona ary 1% isan-taona ny "Commission de service". Ity famatsiam-bola ity dia atao amin'ny "taux semi-concessionnel".

Nanohy ny fanazavana ny teknisiana, ka nanambara fa mizara roa ity famatsiam-bola ity ka ny 5 hatramin'ny 6 tapitrisa dolara USD dia hamatsiana ny herin'aratra eny ambanivohitra izay iarahana amin'ny mpiara-miombon'antoka tsy miankina. Ny famatsiam-bola sisa kosa hatokana amin'ny fanamboarana ny lalana mirefy 43km any Sainte Marie ka ny 10km amin'izany dia ny "route principale" fa ny 30km kosa lalan-kely.

Taorian'izany fanazavana izany, nanamarika ny Solombavambahoaka iray fa tokony ho orinasa matotra sy manao asa tsara no hampanaovina ny asa rehetra mba tsy ho very maina ity famatsiam-bola ity satria taona maro no hamerenana azy.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, ankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de la phase 2 du Projet d'Amélioration de l'Accès Energétique et d'Infrastructures routières dans les Pôles Intégrés de Croissance (PIC2-Energie), conclu le 04 mars 2021 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le développement International (OFID)*», ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Filoha dia nanambara raha misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany. Tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hitondra fanazava fohy momba ny volavolan-dalàna.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitondra fanazavana; nambarany fa zava-dehibe ny tetikasa ary tsy vao androany, hoy izy, no namolavolana ny fiaraha-miasa, fa efa maherin'ny 16 taona sady efa maro koa ny tetikasa natao. Nasongadiny tamin'izany ny fisian'ny fanovàna tian'Andriamatoa Filohampirenena hatao amin'ny fiaraha-miasa sy ny Vina ary ny Velirano nataony mba tsy hisian'ny Faritra hadino intsony amin'ny fampandrosoana.

Nambarany koa fa efa nitety ny mpamatsy vola mahazatra izy ireo, toy ny OFID izany ary maro ny Minisitery miara-misalahy amin'ny fijerena ny famatsiam-bola tokony ho azo. Nomarihan'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola koa, fa Faritra miisa 3 no hanana tombony amin'ity tetikasa ity dia ny Faritra Atsimo Andrefana, ny Faritra Analanjirofo ao amin'ny Distrikan'i Sainte Marie ary ny Faritra DIANA mba ho fanamorana ny fifamezivezena, ny fanamboaran-dalana ary ny asa hatao tafiditra ao anatin'ny tetikasa PIC2. Nohafamisiny ny fahavononany hiady mba hahazoana famatsiam-bola fanampiny.

Mitentina «15 Millions USD» na 56 548 500 000 Ariary no vola hovatsian'ny OFID amin'ity tetikasa ity.

Nisaorany ny Vaomiera tamin'ny fandinihana ny volavolan-dalàna ary nambarany fa rariny raha haroso amin'ny fandanihana azy satria miankina amin'izany no hanombohana ity tetikasa ity.

Nofaranany tamin'ny fisaorana ny Solombavambahoaka ny fitenenana nataony.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa, Filoha fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nanome fitenenana ny Solombavambahoaka ny tenany.

Raha nandray fitenenana, ny Filohan'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Akoran'afo, Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, nambarany fa mipaka mivantana amin'ny vahoaka ity tetikasa PIC2 sy PIC3 ity, ka tokony holaniana avy hatrany.

Nanamarika koa ny tenany, fa tsy anjaran'ny Malagasy no handoa ny hetra izay tokony hefain'ny OFID sy ny BADEA.

Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph kosa nilaza, fa ny efa naroso tamin'ny Vaomiera omaly ny fampidirana ny Faritra Andrefana mba hisitraka ireo tetikasa mitovy amin'izao ary nohamafisiny, fa ny Governemanta ihany no afaka mahita lalana tokony hahazoana famatsiam-bola.

Andriamatoa PEPIN Michou indray, nanambara fa tokony hirosoana ny tsangan-tànana ary mba hampidirina hisitraka ny tetikasa koa ny Distrikan'i Ankazoabo Sud.

Raha nandray fitenenana kosa, Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, nanambara fa efa ratsy ny RN34 koa mangataka ny hampidirana azy ao anaty tetikasa manaraka ho an'ny Distrika misy azy.

Ho an'Andriamatoa RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David kosa nanamarika ny tokony hisitran'ny Distrika misy azy an'ity famatsiam-bola ity ary nomarihany koa, fa efa ratsy ny RN34 araka ny volazan'ny namany teo aloha. Nambarany koa fa "District Ville Touristique" ny Distrikan'i Mitsinjo ary mampiditra vola ao anaty kitapom-bolam-panjakana, ka tokony hojerena ihany koa.

Nangataka ny hampidirana ny Distrika misy azy kosa Ramatoa RAKOTOMALALA DINA Taratriniana raha nandray fitenenana satria maro ny vokatry mivoaka avy any aminy, toy ny fary sy ny voankazo samihafa, kanefa ratsy ny lalam-pirenena RN41.

Andriamatoa INDRIANDRO Julien kosa nanontany, fa amin'ny fomba ahoana no tokony hahazoana ny famatsiam-bola momba ny "Gare Routière".

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, mba hitondra valin-teny tamin'ireo fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Toy izao no teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola raha nandray fitenenana.

Misy fahasaratany tokoa raha ny fanamboaran-dalana.

Nambarany koa fa voaray daholo ny fangatahana nataon'ireo Solombavambahoaka rehetra teo ary ny tetikasa fanamboaran-dalana any Katsepy-Soalala koa nolazany, fa efa eo andalam-piresahana izany izy ireo.

Nambarany fa 15 Tapitrisa Dolara ity famatsiam-bola ity ary efa voafaritra mazava ny handaniana azy saingy hojerena ny mikasika ny RN34 sy RN41 izay mampitaraina ny Solombavambahoaka teo.

Nanamafy ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka avy any Fenoarivo Atsinanana, Ramatoa Filoha, amin'ny fomba hahazoana famatsiam-bola amin'ny fanamboarana "gare routière".

Nanazava Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola amin'ny tokony hamaritana tsara hoe: "gare routière" manao ahoana no tiana hatsangana.

Hojerena amin'ny manaraka ny tokony hahazoana famatsiam-bola mikasika izany, hoy izy, noho ny mahasarotra ny fijerena famatsiam-bola ary tokony ho "gare routière" manarapenitra no hatao fa tsy hatao kitoatoa.

Rehefa izany, nitohy ny fandraisam-pitenenana.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, kosa nitaona ny Solombavambahoaka namany mba handany ny volavolan-dalàna ary nangataka ny hijerena akaiky ny Distrikan'i Betafo amin'ny sehatry ny herin'aratra koa izy.

Nanambara ny tokony hijerena ny RN4 kosa Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges. Nomarihany fa mbola tamin'ny andron'ny Repoblika Voalohany no nanamboarana io lalana io ary tsy nisy nikitika intsony hatramin'izao. Izay no tokony hisitrahan'ny Distrikan'i Marovoay ny tetikasa mitovy amin'izao holaniana izao.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernetine, indray nangataka ny hijerena ny fanamboarana ny "barrage hydroélectrique" ao Ankiandrandrakefona noho ny maha asa efa natomboka azy. Niangaviany ny hanohizana ny asa raha misy tetikasa manaraka.

Nangataka ny mba hisitrahan'ny Distrikan'i Miandrivazo famatsiam-bola ohatran'izao koa, Ramatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine. Nohamafisiny fa dimy ny Kaominina tsy mba voatonona mihitsy tamin'ny fanamboarana fotodrafitrasa toy izao. Hadino mihitsy, hoy izy, ny toerana misy azy kanefa ao anatin'ny Distrikany no misy ny orinasa "MADA OIL-Tsimiroro". Noho izany, tokony hisitraka fotodrafitrasa koa ny Distrika nahavoavidy azy.

Andriamatoa NANKANY Charly Zafimagnely kosa nangataka ny hisitrahan'ny Distrikan'i Beroroha tetikasa tahaka izao hatrany, toy ny namany teo aloha, satria raha ny teny nataon'Andriamatoa Filohampirenena, tsy tokony hisy Distrika na Faritra hadino intsony amin'ny fampandrosoana atao eto amintsika.

Nanambara, Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, fa tsy tokony hisiana adihevitra intsony ity volavolan-dalàna ity satria efa voafaritra ny toerana hanaovana azy. Nomarihany fa tsy ampy ny fifampiresahan'ny Solombavambahoaka sy ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta ary efa mila hojerena koa ny tetikasa hanampiana an'i Saranambana izay efa tokony hisinan'ny fandehanan'ny herin'aratra any an-toerana.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa tsy tokony hisy adihevitra intsony momba ny volavolan-dalàna satria efa voafaritra ny toerana hisy azy. Nitondra hetaheta koa izy amin'ny tokony hijerena tetikasa mifanandrify amin'ny resaka herin'aratra, toy ny hita ao amin'ny volavolan-dalàna laharana faha-14 momba ny "transformation économique" noho izy mahafaoka zavatra maro; ka tiany mba hahazo izany koa ny Distrikan'Ambatofinadrahana, amin'ny maha Filoha sy amin'ny maha Solombavambahoaka voafidy azy tany an-toerana.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa AFAKANDRO Alphonse, nanasongadina fa toa hadino koa ny Distrikan'i Maintirano, ka tokony hojerena akaiky io Distrika io amin'ny fampandrosoana eo amin'ny sehatry ny herin'aratra na ny "éclairage public" any amin'ny Faritra.

Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina kosa nanontany mikasika ny tetikasa CCPREASS.

Nisaotra ny fitondram-panjakana tamin'ny nanomezany hazavana ny tampon-tanànan'ny Distrikan'i Ankazobe kosa Andriamatoa RAKOTOARISON Rasoava Rija Jean, raha nandray fitenenana. Nambarany fa tsy tokony hifantoka loatra amin'ny "Energie Solaire" isika noho io angovo io mora simba.

Nanambara, Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina, fa efa tafiditra tamin'ny tetikasa PIC2 ny Distrikan'i Farafangana; tokony efa hatomboka ny asa nahazoana famatsiam-bola toy izany. Inona no antony tsy nanombohana ny asa. Mbola nangataka ny hampidirana ny Distrikan'i Farafangana ao amin'ny tetikasa PIC3 koa ny tenany.

Rehefa izay, nitondra ny anjara fitenenany amin'ny maha Solombavambahoaka azy, Ramatoa Filoha. Nambarany fa tsy mbola nisitraka ny tetikasa PIC mihitsy na indray mandeha aza ny Distrika nahavoafidy azy. Nambarany koa fa na "bitumage" fotsiny aza no atao mikasika ny RN35, mety tsy maninona. Nomarihiny fa efa nahazoana famatsiam-bola tamin'ny BAD io lalana io kanefa maninona ireo "points noirs" ihany no natao.

Nametraka fanontaniana koa ny tenany hoe: azo atao ve ny "réhabilitation" momba ny lalana any amin'ny Distrika sahaniny ary tokony hitohy amin'ny "Projet PIC" na "bitumage" ihany aza; na hatao PIC13 izany na PIC14 koa.

Nohamafisin-dRamatoa Filoha, koa fa amin'ny maha fitrosam-bola ireo tetikasa rehetra ireo dia ny Distrika miisa 119 nahalany ny Solombavambahoaka rehetra no tokony hahazo anjara amin'ny tetikasa sahaza amin'izao.

Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol kosa raha nandray fitenenana dia nilaza fa tsy tokony any amin'ny renivohi-paritra ihany no hanatanterahana ny tetikasa, fa hatrany amin'ny Kaominina rehetra.

Rehefa izany, nomena an'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana mba hitondrany valiny tamin'ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Nambarany fa marina ny voalazan'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad teo amin'ny maha voafetra ny vola hampiasaina amin'ny tetikasa PIC2 toy izao omen'ny OFID izao.

Nomarihany ihany koa, fa Faritra telo dia ny Faritra DIANA, Faritr'Analanjirifo (Distrikan'i Sainte Marie) ary ny Faritra Atsimo Andrefana no hahazo tombotsoa aloha amin'ity tetikasa ity ary 15 Tapitrisa Dolara no tetibola hanaovana ny tetikasa; somary lehibe ihany ny asa hatao.

Raha momba ny tetikasa CCPREASS; voafetra, hoy izy, ny "budget" ampiasaina aminy, ka miankina amin'izany no holaniana amin'ny taona 2022 izay ho avy eo ihany raha mbola tafaverina amin'ny toerana maha Minisitry ihany izahay. Amin'izay no hahitana ny fomba hampidirana ny Faritra mbola tsy nisitraka ny tetikasa.

Nantitranteriny koa ny fiovàna misy amin'izao mikasika ny fanapahan-kevitra ny Filohampirenena satria izy ihany no miandraikitra voalohany ny fanovana hatao. Nampanantena fa hijery izay tokony ho azo atao momba ny tetibola ho avy manaraka ny tenany.

Nomarihany koa fa marina tokoa ny tokony hatomboka ny asa efa nahazoana famatsiam-bola teo aloha, toy ny tany Farafangana.

Nofaranany tamin'ny fisaorana ny Solombavambahoaka ny fitenenany.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, nangataka ny tokony hanamboarana ny lalana madinika ao an-tampon-tanànan'Antsirabe ny tenany.

Rehefa izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nambarany fa ahitana andininy ny volavolan-dalàna; koa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny Fifanarahana Iraisam-pirenena toy izao, tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Taorian'izay, nomarihan-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 38 ny nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-013/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au Financement de la phase 2 du Projet d'Amélioration de l'Accès Énergétique et d'Infrastructures Routières dans les Pôles Intégrés de Croissance (PIC2-Energie), conclu le 04 Mars 2021 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International (OFID)*».

Torian'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna, nomena fitenenana Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nanome sosokevitra amin'ny hirosoana avy hatrany amin'ny fandinihana ny volavolan-dalàna manaraka ny tenany ary nofaranany tamin'ny fisaorana an-dRamatoa Filoha, ny fitenenany.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, Ramatoa Filoha ary nilaza fa haroso ny sosokevitra avy tamin'Andriamatoa Minisitry teo.

Avy hatrany dia niroso tamin'ny famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de Prêt relatif au Financement du Projet de Transformation Economique pour la croissance (PIC3), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*» ny mpivory.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Tetibola, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra.

Mbola Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee ihany no nanatanteraka izany, ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Alarobia 11 Aogositra 2021 tamin'ny 10 ora sy sasany, maraina, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Transformation Economique pour la croissance (PIC3), conclu le 21 juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2 ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 3 FIENENA Richard Désiré
- 4 MOHAMAD Ahmad
- 5 RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 6 RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 7 RIVOTIANA Jean Bosco
- 8 RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 9 RAVONTY Tam Teon Luc Urbain

Ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana tonga nivory;

- ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy

Ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano tonga nivory;

- 1 RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 2 FIAROVANA Lovanirina Célestin
- 3 FIENENA Richard Désiré

Ireo tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory;

- 1 JOHASY RAHARISOA Eléonore
- 2 RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
- 3 ZAFINANDRO Perle Bien-Aimée
- 4 ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 5 MBELO Ndriamanamby Jean Germain Odon
- 6 INDRIANDRO Julien
- 7 NAKANY Charly Zafimagnely
- 8 RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
- 9 RASOLOMANANA Beby
- 10 RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
- 11 RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- 12 SAID Zakaniaina Mahafaly Joseph
- 13 TSITARA Rogers Ousman
- 14 EDIZARD

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|----------------------------------|-----------------------|
| - RANJALAHY Ihaja | DG Trésor |
| - RATSIVAHANA Dorette | DGT |
| - RAKOTONINDRAINY Zoely Narindra | GDT/DDP/SASD |
| - RAKOTOANDRIANTSILAVO Eric | Coordo. PIC |
| - RANDRIAMBOAVONJY Mamy | Resp. Gouvernance PIC |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana hitondrany fanazavana mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Nandritra izany no nanazavan'ny teknisiana fa ity tetikasa ity dia fanohizana ny ezaka natao eo amin'ny Faritra izay efa misy «potentialité économique», ka tokony hampiana mba ahafahana miroso bebe kokoa amin'ny fampandrosoana ny Faritra sy ho an'ny Firenena.

Ny tanjona amin'ity famatsiam-bola ity dia ny hanosehana ny sehatra tsy miankina sy hampirihana kokoa ny ezaka ataon'ireo PME sy PMI amin'ireo Faritra voatondro hanaovana izany. Misy lalan-jotra roa no raisina hanatanterahana izany:

- Fanalana izay sakana tsy ahafahan'ny ireo orinasa madinika na lehibe mivelatra.
- Fanampiana eo amin'ny lafiny fotodrafitrasa sy ny fitantanana eo an-toerana.

Ny PIC3 dia miompana amin'ny fanaovana “digitalisation”, ny fampiasana ny teknolojia vaovao sy ny “agribusiness” ary ny fizahan-tany.

Ity PIC3 ity dia hiasa amin'ireo Faritra maromaro toy ny Faritra Atsimo Andrefana, DIANA, Anosy, Analamanga, Analanjirifo, Atsinanana ary Vatovavy-Fitovinany.

Mitentina 150 000 000 USD na 569 100 000 000 Ariary ity fampindramam-bola ity, ka toy izao ny mombamomba azy:

- 38 taona ny hamerenana ny vola, ka 6 taona voalohany dia tsy andoavana renivola;
- 0,5% ny «commission engagement» amin'ny vola efa nankatoavina fa mbola tsy naverina;
- 0,75% ny «commission de service» amin'ny vola efa nampiasaina;
- Amin'ny 31 Janoary 2027 no mifarana ity tetikasa ity.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA AVY AMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA:

Ilaina ny firaha-miasa amin'ny Solombavambahoaka amin'ireo faritra voakasika ity tetikasa ity satria izy ireo no mahafantatra bebe kokoa ny momba ireo Kaominina misy ao aminy. Misy araka izany ny Faritra tsy voakasika ity tetikasa ity anefa manana «potentialité économique» betsaka.

Rehefa izay, niroso avy hatrany tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

FANONTANIANA SY VALINY:

1) Efa fantatra ve ny Kaominina misitraka ny tetikasa ao amin'ireo faritra voatondro ireo?

- Mbola ho tsinjaraireo ireo kaominina tokony hisitraka ny tetikasa.

2) Ahoana no atao raha mahita famatsiam-bola avy any ivelany ny Solombavambahoaka?

- Tsy misy ny maharatsy ny fahitana ny famatsiambola hampandroso ny firenena fa tokony hisy fifampiresahana eo amin'ny firenena roa tonta ary ny “engagement financier” rehetra ataon'ny Fanjakana Malagasy dia atao amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolandalàna laharana faha-014/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021, «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du «Projet de transformation économique pour la croissance (PIC3)», conclu le 21 juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fanitsiana na fanamarihana mikasika ny tatitra ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenan'ny Governemanta.

Samy tsy nisy nanan-kolazaina momba ny tatitra na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana mba hanazavany ny volavolan-dalàna.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nanambara fa findramam-bola ity «projet PIC3» ity ka tsy maintsy mandalo eo anivon'ny Parlemanta roa tonta hangatahana fankatoavana. Noho izany, ahitana fomba fiasa vaovao eo amin'ny sehatra rehetra misy eto Madagasikara izy.

Efa ho 10 taona mahery no nahazoantsika famatsiam-bola tamin'ny Banky Iraisam-pirenena tamin'ny alalan'ny «PIC». Mitentina «150 Millions de Dollars» ny vola ho azontsika. Toy izao kosa ny vola efa azontsika tamin'ny findramam-bola momba ny tetikasa PIC: «85 Millions DTS» izany tamin'ny taona 2005; «25 Millions DTS» tamin'ny taona 2008; ny taona 2014 kosa «33,8 Millions DTS» raha «49,8 Millions DTS» tamin'ny taona 2018 ary «33 Millions de Dollars» no azo ny taona 2020 lasa teo.

Mipetraka ny fahatokisan'ny Banky Iraisam-pirenena amintsika noho ny finiavan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika hitondra fampandrosoana eto amin'ny tany sy ny firenena. Izany no antony nitohizan'ny fahazoana famatsiam-bola mikasika ity «mécanisme PIC» ity ary ao anatin'ny veliranon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika ny tetikasa rehetra natao sy mbola hatao hoentina hampiasana ny vola indramina.

Kely ny zanabola haloantsika amin'ity findramam-bola «PIC3» ity hatramin'ny taona 2027 satria «cessionnel» tanteraka no hanaovana ny tetikasa rehetra.

Ahitana «composantes» miisa 5 no mandrafitra ny asa hatao ao anatin'ity «PIC3» ity.

Misy ny famatsiam-bola eo amin'ny sehatra tsy miankina na «investissement privé» izay mitotaly «12 Millions de Dollars» amin'ny vola hampiasaina. Ao anatin'izay «composante» voalohan'izay ny «cadre juridique» momba ny famatsiam-bola eo amin'ny sehatry ny fandraharahana. Tohizana hatrany ny ezaka efa natao tamin'ny ady amin'ny valan'aretina «Covid-19» ary misy ampaham-bola amin'izany hampiasaina entina hiarovana ny ain'ny vahoaka Malagasy.

Raha ny momba ny «composante» faharoa kosa, misy ny antsoina hoe «renforcement de compétitivité de secteur local». Mitentina «83 Millions de Dollars» ny vola hampiasaina amin'izany. Hampiroboroboana ny fiharian-karena any amin'ny Faritra, ka ao anatin'izany ny fanatsarana sy fanomezana rano fisotro madio ho an'ny mponina, ao ihany koa ny momba ny herin'aratra, ny tetikasa madinika samihafa sy ny «accès internet» ary ny «équipement de manutention»-n'ny seranan-tsambo misy eto amintsika.

Mikasika ny «composante» fahatelo, vola mitentina «45 Millions de Dollars» ny vola hampiasaina amin'izany ka ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana no tena hojerena manokana amin'izany. Raisina ohatra ireo orinasa madinika sy salantsalany na ny PME, ny Banky madinika na ny «Microfinances» ary ny orinasa «Startimes» satria betsaka ireo tanora no nahavita fiofanana amin'izany. Noho izany, tsy maintsy mijery orinasa matanjaka sy mahavita azy isika mba hahafahana manatanteraka izay tetikasa izay.

Mahatratra «10 Millions de Dollars» kosa ny vola hampiasaina amin'ny «composante» fahaefatra, ka fanatsarana ny asa rehetra hotontosaina no hasiana ezaka na «coordination de projet». Ny «comité de pilotage» no handray an-tànana ny fanaraha-maso ny asa rehetra hatao izay iarahana amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy, ny Minisiteran'ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa tànana, ny Minisiteran'ny Fiompiana sy ny Fambolena, ny Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny fampivoarana ny Haitao ara-kajy Mirindra, eo ihany koa ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Raha tsorina, mifanaraka amin'ny vina napetraky ny Filohan'ny Repoblika ny asa hatao amin'ity «projet» ity.

Fampiasana ny ampaham-bola no hatao amin'ny «composante» fahadimy farany, ao anatin'izany ny voina maro mety hitranga, ny "Plan Multisectoriel d'Urgence" na ny PMU ary ny hamehana samihafa misy eto Madagasikara. Raha atao bangotokana, azo ampiasaina hatramin'ny taona 2027 ity "PIC3" ity ary heverina fa hahafahana manatanteraka ny tetikasa rehetra araka ny vina sy ny velirano nataon'ny Filohan'ny Repoblika.

Nandritry ny fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa Minisitry, nanao fanamarihana manokana ny tenany ho an'ireo Faritra efa nisitraka ny «PIC» ary nahatsapa fa nahazo tombotsoa tamin'izany ny Solombavambahoka sy ny vahoaka nifidy azy. Ao ihany koa ireo tsy mbola tafiditra, ka hampidirina amin'ity «PIC3» ity, toy ny Faritra Atsinanana sy ny Faritra Atsimo Atsinanana ary ny Faritra Vatovavy-Fitovinany na dia efa nozaraina ho roa aza amin'izao fotoana izao.

Nambarany koa fa fomba fijery vaovao ny fiaraha-miasa amin'ny Banky Iraisam-pirenena ao anatin'ity «PIC3» ity satria ny «Association Internationale de Développement» no manaramaso ny vola hampiasaina amin'ny tetikasa rehetra hatao.

Notsindriany fa tsy afaka hi-«engager» ny Fanjakana ny tenany amin'izay mety ho fangatahana na hetaheta na fanontaniana hataon'ny Solombavambahoaka aminy satria «affaires courantes» ihany aloha no ataony hatramin'izao.

Fanentanana ny Solombavambahoaka handany ity volavolan-dalàna ity no namaranany ny fandraisam-pitenenany.

Rehefa izany, nanome fitenenana ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha, raha toa misy manana fanontaniana na hetaheta hatao amin'Andriamatoa Minisitry mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nilaza fa inona no "critères" tadiavina amin'ity resaka «PIC» ity satria tsy mbola tafiditra tao anatin'ny mihitsy ny Distrikan'i Betroka hatramin'izay. Nambarany fa tany lavitra andriana ny Distrika nahavoafidy azy, ka tokony hojerena akaiky mba tsy ho lasa zanak'Ikalahafa.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique, kosa nilaza fa maro ny «potentialité économique» ao amin'ny Distrikan'Ambositra kanefa tsy voateny tao anatin'ity «PIC3» ity mihitsy. Maro ny tetikasa efa natao, toy ny DEFIS, FORMAPROD saingy tsy tonga tany amin'ny Distrikan'Ambositra izany na maro aza ireo tanora nahavita fiofanana sy fikarohana any an-toerana. Nangataka ny tenany ny hijerena manokana io Distrika nahavoafidy azy io, teo ampamaranana ny teniny.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, nanindry fa maro ireo fitaovana mikasika ny herin'aratra efa any an-toerana kanefa tsy tafiditra amin'ity "PIC3" ity ny Distrikan'i Betafo. Inona no antony mety mahatonga izany.

Betsaka ny loharano ao Betafo saingy tsy misitraka rano fisotro madio ny mponina. Azo atao ve ny mampiditra izany amin'ity "PIC3" ity satria mijaly ny vahoaka ao amin'io Distrika io.

Teo ampamaranana ny fandraisam-pitenenany, nanamarika ny tenany fa tokony hojerena manokana ny RN4 satria mihasimba tanteraka izany ary mety hamoizana ain'olona mihitsy.

Nilaza Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, fa tsy misitraka an'ity "PIC3" ity ny Distrikan'i Mandoto kanefa maro ny olana mikasika ny fotodrafitrasa raha tsy hiresaka afa-tsy ny tsy fahatomombanan'ny herin'aratra, tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony.

Nanamarika Andriamatoa RAZAFINDRIANTSARA Jonhson Anatol, fa maro ireo Solombavambahoaka miezaka amin'ny fanatsarana ny Distrika nahavoafidy azy kanefa tsy manana fifandraisana sy fifaneraserana amin'ny "coordination nationale"-n'ny "PIC", hany ka tsy misitraka tetikasa tandrify izany izy ireo.

Andriamatoa PEPIN MICHOU kosa nangataka ny hijerena akaiky ny Distrikan'Ankazoabo satria misy Kaominina miisa 9 any an-toerana izay tsy ahitana rano fisotro madio ary ny herin'aratra tsy maharaka ny filan'ny mponina ihany koa.

Tsy tafiditra tamin'ny "PIC2" ny Distrikan'i Marovoay, hoy Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges, ka tokony hampidirina amin'ity "PIC3" ity. Nangataka ihany koa ny tenany mba hampidirina ao anatin'ny tetikasa ny fanatsarana ny seranan-tsambon'i Betsiboka.

Teo ampamaranana ny teniny, nilaza ny tenany fa mijaly rano fisotro madio ny Kaominina Ankazomborona sy Manaratsandry, ka tsara raha jerena akaiky.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nataon'Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina, tamin'ny fandraisam-pitenenany, satria tafiditra ao anatin'ity "PIC3" ity ny Distrikan'i Farafangana.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony ny Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha an'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana hamaliany ny hetahetan'ny Solombavambahoaka.

Fankasitrahana sy fankatelemana ny Solombavambahoaka no nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin'ny fankaherezana azy amin'ny fanatontosana ny asany.

Tsara raha mifanatona ny Solombavambahoaka sy ny Minisitry ary aroso eny anivon'ny "comité de pilotage" ny fangatahana rehetra teo, saingy tsy ho voasahana amin'ny "PIC3" avokoa anefa ny hetaheta teo, hoy ny tenany.

Teo ampamaranana ny teniny, nilaza ny tenany fa misy volavolan-dalàna mikasika ny "Fonds Souverain Malagasy" hodinihana miaraka amin'ny Parlemanta.

Angatahana ny fankatoavan'ny Solombavambahoaka izany mba ahafahana manatevina sy manatanteraka tetikasa maro, satria volan'ny Firenena Malagasy madiodio izany fa tsy indramina.

Taorian'izay, mbola nisy Solombavambahoaka nanao satroka, ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana.

Fankaherezana an'Andriamatoa Minisitra no nataon'Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina amin'ny adidy sy andraikitra mavesatra sahaniny.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity volavolan-dalàna ity ny mpivory.

Nambarany fa ahita andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity ary araka ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ireo andininy ireo fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ity volavolan-dalàna ity.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 37 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny, tsy nisy nilaza fa ahemotra.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-014/2021 tamin'ny 28 Jolay 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de transformation économique pour la croissance (PIC3), conclu le 21 Juillet 2021 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Taorian'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana, Andriamatoa Minisitra, raha toa mbola misy tiany hambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Ministry Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin'ny nandanian'izy ireo ity volavolan-dalàna ity.

Nambarany koa fa hotaterina any amin'ny Filohan'ny Repoblika ny hetahetan'ny Solombavambahoaka rehetra. Ho tratra ny tanjona raha toa mametraka fahatokisana an'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika ny Solombavambahoaka.

Nanentana ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna momba ny «Fonds Souverain» ny tenany, teo ampamaranana ny teniny.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa efa voapetraka eto anivon'ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2021 tamin'ny 21 Jolay 2021 «*portant création d'un Fonds Souverain Malagasy*» na FMS. Noho izany, hisy ny asam-baomiera hatao androany amin'ny 2 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ka ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola; ny vaomieran'ny Toekarena sy ny fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny «*Evaluation des Politiques Publiques*» no voakasika amin'izany. Amin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika izany.

Ny Zoma 13 Jolay 2021 amin'ny 4 ora, tolak'andro, famaranana ny fivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena.

Nomarihany fa mbola amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra hatrany no hanatanterahana izany.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy maintsy anaovana tsangan-tànana ny fanovàna ity fandaharam-potoana ity.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 40 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny fandaharam-potoana fanampiny.

Niato tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona